## Fitondrana Rajoelina
# Gaboraraka, noho izany tsy mirotsaka ny famatsiam-bola 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 27 Jolay 2019 Laharana 935 Vidiny : 400 Ar


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 138), Madagasikara 25 jolay 2019** 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto



## Tranga mampihorin-koditra 6
# Zazavavy 6 taona nisy naka an-keriny



## Parking Anosibe, fitondrana Rajoelina 7
# Mamporisika ny olona hikomy



**TONTOLO POLITIKA** 3
## Mpanohitra atahorana ny TIM



**Anjanahary** 6
## Miseho lany ny halatra fiara mipetraka amoron-dalana

**Ben'ny tanànan'Ivato** 6
## Ho taterina maimaimpoana ireo mpanala bakalorea...

**Andro eran-tanin'ny ala honko** 7
## Ny drakaka fotsiny dia mety hahazoana 4 tapitrisa dolara isan-taona

**Daka kely**
Mampiasa «gros bras» hanakorontana indray ve ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-3 (CUA)** 5
## Zazalahikely miisa 35 vita hasoavana maimaimpoana



PR ZAFY ALBERT SY CUA

## Nampitambatra ny mpanao politika

Ray aman-dreny nitondra ny Demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena ny filoha teo aloha Pr Zafy Albert, ka rariny sy hitsiny raha nomena voninahitra nampitondraina ny anarany ny lalana teny Ivandry- Alarobia. Angady nananana sy vy nahitana iny lanonana iny indrindra indrindra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nosoloan-tenan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Azo lazaina fa notohizan'ny CUA ny fampihavanam-pirenena, ka nampitambatra ireo ankolafin-kery samihafa teny Ivandry. Tafita ny hafatra notanterahan'ny Kaominina, ka izay tsy tonga no nanenina satria na ireo tsy nitovy hevitra ara-politika aza dia tonga avokoa ankoatra ireo nidongy tsy nanatrika ilay fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert. Henin-kaja ,heniboninahitra ny fianakavian'i Prosesora fa indrindra ny vahoaka Malagasy iray manontolo. Io fahatsiarovana io dia taratry ny fahatsorampo an-dRamatoa Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy ao amin'ny Fiadidian'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra. Tsy manao ambanin-javatra ny fampihavanam-pirenena ny Ben'ny Tanàna ary izay no mampiavaka azy amin'ireo mpanao politika sasantsasany. Mitandro hatrany koa ny hasin'ny Renivohitr'i Madagasikara, amin'ny alalan'ny fiheverana fa ny tombontsoa ambony iombonan'ny samy Malagasy no tandrovina. Amin'ny maha Reny azy koa dia mitsinjo hatrany izay mahasoa Ramatoa Lalao Ravalomanana, fa tsy ny mahafinaritra, izay ataon'ny mpitondra ankehitriny.



*Lalana Profesora Zafy Albert eny Alarobia-Ivandry.*

***Rajaonarimpanontsana***

Fitondrana Rajoelina

## Gaboraraka, noho izany tsy mirotsaka ny famatsiam-bola

Fitondrana gaboraraka ny fitondrana Andry Rajoelina, araka ny loharanom-baovao samihafa azonay tamin'ireo mpamatsy vola samihafa, izay no antony mbola tsy isian'ny famatsiam-bola avy amin'ny mpamatsy vola mirotsaka amin'izao fotoana. Izy ireo ihany no mikasa hitantana ny famatsiam-bola homena hoy ireo mpamatsy vola, tsy mieritreritra izay hiady amin'ny kolikoly anefa izy ireo mandritra ny fifampidinihana, ka izay hatramin'izao no mampisalasala ny mpamatsy vola hanampy ny fitondrana Rajoelina. Satria heverin'ireo mpiaramiombon'antoka fa rano hatondraka andamosin'ny ganagana fotsiny ireny famatsiam-bola ireny avy eo, ka ho very maina fotsiny tsy hipaka amin'ny vahoaka,fa Rajoelina sy ny forongony no ho voky. Ankoatra izany, nanomboka hatramin'ny fitondrana Tetezamita, ka hatramin'izao fitondran'ny filoha Andry Rajoelina ankehitriny izao no tena nisian'ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena. Tsy nisy mahalala ny vola nalainy tao anatin'ny kitapom-bolampanjakana nandritra izay nitantanany. Raha tsiahivina, ripaka ny boaderozy sy ny harena ankibon'ny tany, toy ny volamena sy ny vatosoa tamin'ny Tetezamita ary tamin'ireny fotoana ireny no nampiroborobo ny kolikoly isan-karazany. Tsy nisy rafitra afaka nanaramaso fa nanao ny danin' ny kibony ny fitondrana, na ny iraisam-pirenena aza nanao fairano ny firenena, ka tsy nanome vola fanampiana tahaka ny mahazatra. Dia ny vahoaka no nifafa ny kihony. Mbola mitohy izany gaboraraka izany ankehitriny araka ny efa voalaza teo. Iza amin' ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta no afaka milaza fa nanao tatitra tamin'ny vahoaka amin'ireo fandaniana mihoa-pampana ataon'ny fitondrana ? Tsy misy miteny na iray aza fa sarontsaronana amin' ny resaka atrik'asa isankarazany. Izay miseho ho mianan-kendry dia tapaka ny lohany. Iza amin'ireo Depiote lany tamin'ny alalan'ny IRD no hiteny amin'ny vahoaka nifidy azy na hanao tatitra hoe , izao na izao no teti-bidin'ny vola lany nampiasaina tamin'ny foto-drafitr'asa iray na roa. Ny zavamisy aloha dia ny vahiny mpiara-miombon'antoka sy mpiara-komana amin' ny fitondrana no mahazo laka. Amidy amin'ny vahiny i Madagasikara ary raha dinihana dia efa naman'ny lafo ny ankamaroan'ny tany eto amintsika. Hatramin'ny fasana ilevenan'ny Malagasy aza any amin'ny faritra any efa naorin'ny vahiny avokoa. Mitazampotsiny sisa ilay Malagasy satria atody miady amam-bato. Mipoitra koa ankehitriny ny famotehana foto-drafitr'asan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, izay voararan'ny lalàna na iza izy na iza no manao izany. Efa fantatra ny ao ambadik'ireny fa na inona na inona hambara dia heloka eo anatrehan'ny lalàna ny famotehana fananana iombonana. Natao hanatsaràna sy hanampiana ny mponina ireny foto-drafitr'asa ireny, fa tsy fanan'olon-tokana, ka tsy tokony havadika ho resaka politika na atao fankahalàna ny fiadidian'ny Tanàna Antananarivo Renivohitra. Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy hoy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

***Rajaonarimpanontsana***

Fiainam-pirenena

## Miantso vonjy tsy misy mpijery ny vahoaka

Mikaikaika ary mitabataba miantso vonjy amin'ny fitondram-panjakana ny vahoaka, indrindra ireo any amin'ny faritra sy ny manodidina satria ireo fampanantenana napetraka dia tsy misy tonga any amin'izy ireo mandraka androany. Isan'ireny ny barazy any atsimon'ny Nosy. Mbola laza masaka hatreto ny fanamboarana ny lakandranon'i Dabara any Mahabo Menabe tokony hanondraka ny tanimbary sy ny tanimboly. Amin'izao fotoanan'ny ririnina izao anefa no tokony hikarakara ny tanin'ny mpamboly, ary raha izao no mitohy dia foana tsy hisy vokatra miakatra amin'ny taompambolena manaraka. Ny lalana hamoahambokatra tsy vita, toa natao laza masaka hatrany. Miantso ireo tompon'andraikitry ny fanabeazana koa ireo mpanabe any amin'ny faritr'i Mahajanga , fa ny tambin-karama nampanantenaina tokony ho azo alohan'ny fetim-pirenena, mbola any an-kibon'ny omby. Efa hamarana ny volana Jolay anefa amin'izao fotoana izao, ary dia fampanantenana poak'aty no azon' ireo mpanabe. Voatery mitrosa mba hivelomana. Raha mba manontany ny tompon' andraikitra any an-toerana, dia asainy mankany amin'i Rajoelina Andry, filoham-pirenena aty Antananarivo satria izy no nampanantena anareo hoy izy ireo. Ny saran-dalana hiakarana mbola hifampitadiavana, ny hanin-kohanina efa tsy misy fa dia teny an'avona no azo, esonteny no valiny. Ny dahalo koa manao ny ataony, ny halatra madinidinika manginy fotsiny. Very fanahy mbola velona ireo mponina ary mahatsiaro ho adinon'ny mpitondra. Santionany ihany ireo fa any amin'ny haino aman-jerin'ny mpitondra mihitsy ny vahoaka no mitatitra ny manjo azy. Tsy ny mpanohitra intsony no milaza izany fa ireo akaikin'ny fitondrana. Efa mivadika ny rasa ankehitriny ary raha tsy mitandrina ny ao andapa ao dia ireo mpanohana azy ihany no mety hirongatra.

***Rajaonarimpanontsana***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

Governemanta Ntsay Christian

## Tsy nahavita satria mbola tena sahirana ny vahoaka

Fomba fiteny ny hoe : tsy azo soloina ny ekipa mandresy. Mety misy mahamarina azy fa apetraka eto ny fanontaniana raha tena nahavita ny asany tokoa ilay Governemanta Ntsay Christian? Rehefa dinihana tokoa mantsy dia tsy nisy fiovana firy ilay Governemanta Ntsay fa ny teo ihany no naverina , ankoatra ilay minisitra iray. Ekipa tsy nahavita firy akory ny ankamaroany satria tsy misy fiovana nanaraka izay ny sosialim-bahoaka sy ny fampandrosoana ny firenena. Mbola ilay vahoaka sahirana hatrany no mitoetra. Tsy heno firy intsony ilay tombana zato andro napetraky ny filoha Andry Rajoelina fa takonana tamin'ny lalao CAN sy ny Lalaon'ny Nosy ary ny fandraisana ny Papa Ray Masina. Dia nijanona hatreo ny resaka, naverina amin'ny toerany indray izy rehetra. Ireo minisitra manam-bava sy mpipasoka ihany no tsy maintsy notazonina , ny asa vita anefa tsy hita mivaingana na efa ho 7 volana mahery nitondrana aza ny filoham-pirenena. Mbola any amin'ny laharana farany ihany isika hatramin'izao, araka ny tombana avy any amin'ireo mpandinika ny fiainam-pirenena sy ny fiarahamonim-pirenena. Hiaraha-mahita eto indray ny dingana manaraka ataon'ity Governemanta tonta navadibadika ity.

***Rajaonarimpanontsana***

Antsirabe

## Namoaka ny andiany faha-40 ny Akademia Miaramila

Navoaka tamin'ny fomba ofisialy omaly ny mpianatra ho manamboninahitra andiany faha-40 tao amin'ny Sekolin'ny manamboninahitra, Akademia Miaramila (ACMIL) Antsirabe. 55 mianadahy ireo manam-boninahitra vaovao hanatevina ireo zokiny efa tafiditra eo anivon'ny sehatry ny asa, ka ny 6 amin'izy ireo dia andriambavilanitra. Notanterahina teo amin'ny Place d'Arme Akademia Miaramila ny lanonana aramiaramila "Fandresena 2019", natrehin'ny Filohampirenena Filoha faratampon'ny Foloalindahy. Ireto andiany indray mihira ireto dia mitondra ny anarana "General de brigade Andrianaivo Raymond". Niompana tamin'ny lafiny "Fitantanana, Fiadidiana ary Fitarihana" no lalam-piofanana norantovin'ireto andiany faha-40 ireto tao amin'ny ACMIL. Hitondra ny traikefany araka izany izy ireo amin'ny fanamafisana ny fandriampahalemana, satria dia miandrandra ny foloalindahy ny Vahoaka Malagasy ankehitriny. Santatra ihany izany fa hitohy ny Fandresena manomboka eto, satria hitondra ny fanevan'ny Fandresena ihany koa ireto andiany faha-40 ireto. Raha niato nandritra ny fotoana maro ny fiofanana filatsahana amin'ny elonaina teto amin'ny ACMIL dia hiverina izany manomboka izao, efa nanafatra elonaina na "Parachute" miisa 75 ny fanjakana Malagasy, ary ny Angidim-by sy ny fiaramanidina CASA dia hianarana sy hanaovana fanazarana eto amin'ny Sekoly, efa nanafatra manam-pahaizana hampiofana ihany koa ny Filoha. Nisy ihany koa ny fitokanana fotodrafitrasa maro, isan'ireny ny fanavaozana ny efitrano filanonana Farimbona, ny Salle d'honneur ary ny Efitrano famakiam-boky tao an-toerana. Nialoha ny lanonana rehetra dia nisy ny fanolorana ny fanevan'ny sekoly , teo ihany koa ny fitsofan-drano ny andiany manokana faha-42 mitondra ny anarana Général de Corps d'Armée Mounibou Ismael. Izany dia narahin'ny fitsofan-drano ny andiany iraisam-piadiana faha-21 mitondra ny anarana "Andraina". Rehefa vita izany dia nitohy tamin'ny famindrana Sabatra avy amin'ny Ombimangan'ny andiany faha-41 sy ny faha-40. Satria hivoaka ireto andiany faha-40 ireto dia nisy ny famindrana ny faneva ho an'ireo zandriny, dia ny andiany faha-41. Nanomboka teo dia napetraka tamin'ny fomba ofisialy ny galona mahamanamboninahitra azy ireo. Tsara ny mampahafantatra fa ny Sous Lieutnant Njivaharifetra Didy Wenceslas no nahazo ny laharana voalohany tamin'ireto andiany ireto.

***Lezama***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mitarazoka amin'ny fanendrena mpiasam-panjakana ambony ny fitondrana

Voatendry ny mpikambana ao amin'ny governemanta Ntsay Christian. Araka ny efa nieritreretan'ny mpanao fandihadiana politika dia "Alexis ihany no Kotozafy" ka iray ihany no tsy tafaverina teo amin'ny toerany dia ny minisitry ny fampianarana ambaratonga ambony, Rejo Fienena, nefa dia niandrasana andro maromaro vao voatendry ireo mpikambana amin'ny governemanta ireo. Ireo efa lany depiote aza moa mbola voatendry ho minisitra indray. Ho hita eo ihany izay ho fandraisan'ny nifidy azy ireo. Hitondra ny hetaheta sy ny hamolavola lalàna mifandraika amin'ny zava-manahirana iainana izy ireo sy hanaramaso ny fanatanterahana ny programam-pampandrosoan'ny fanjakana (PGE) mantsy no tanjona, ka nifidianany azy ireo kanjo ny mifanohitra amin'izany no niseho. Raha izao fanendrena izao dia niabo sy nahomby avokoa izany ny tomban'asa notanterahin'ny governemanta tao anatin'ny zato andro faharoa. Tsy azo lavina fa misy tokoa ny ezaka eo amin'ny lafiny tsy fandriampahalemana, ary misy ireo voasambotra sy maty voatifitra ireo jiolahy sy mpanendaka ary dahalo kanefa kosa hay misy mpitandro filaminana voarohirohy amin'ireny asa ratsy ireny. Ny mahagaga ihany koa dia tsy misy vaovao mihitsy momba ireny tranga tany Antsakabary ireny ohatra. Tsy azo lavina fa tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery ireny kanefa amin'ny toe-draharaha toy ireny mihitsy no hitarafana ny fitohizan'ny asam-panjakana (continuité de l'Etat). Tsy mbola hita taratra ihany koa ny fifehezana ny ady tany manerana ny Nosy, ka tafiditra ao anatin'izany ho fanotofana ny lemak'i Betsimitatatra eny amin'ny manodidina an'Ambohitrimanjaka, izay toherin'ny mponina kanefa dia manao didin'ny besandry ny fitondrana hanatanterahana ilay tetikasa "Tana Masoandro". Hanorenana trano (logements sociaux) izany tanimbary ho totofana izany ary hampidi-bola ho an'ny fanjakana satria tsy ho zaraina fotsiny ny trano fa hamidy kanefa tsy afaka hamboly vary izay hampidi-bola intsony kosa ny tantsaha mivelona amin'izany. Tsy mitsahatra ny fanafihana tokantrano sy mpivarotra ary efa misy indray koa ny tambazotra manafika ireny tobin-dasantsy ireny izay efa tsy hita loatra intsony. Iray volana taty aorian'ny nahataperan'ny fe-potoam-piasan'ny tale jeneralin'ny Birao Mahaleotena miady amin'ny Kolikoly vao voatendry ny tale jeneraly vaovao. Ireo lehiben'ny faritra isaorana moa hatramin'izao dia tsy mbola misy voatendry. Torak'izany koa ireo tomponandraikitra ambony any amin'ny minisitera isan-tokony any. Efa voatendry moa izao ireo minisitra vaovao tranainy ka azo inoana fa ho avy amin'izay koa ny famerenana ny kinamanamana (népotisme) satria efa marin-toerana amin'izay ny seza fiandrianana. Tsy laharam-pamehana ho an'ny fitondrana ihany koa ny fifidianana ben'ny tanàna sy kaominaly satria tsy maintsy ny lehiben'ny faritra aloha no tendrena mba hanao tsindry rehetra amin'ny fampandaniana izay ho kandidàm-panjakana amin'izany fifidianana izany. Ny teny amin'ny Antenimierampirenena dia vitany tao anatin'ny fotoana fivoriana tsy ara-potoana ny fametrahana ny birao maharitra sy ireo filohan'ny vaomiera isan-tokony. Tsy dia mahagaga loatra izany satria ny kandidàm-panjakana no maro an'isa ao, ka tsy dia nila kajikajy politika loatra izany. Na izany na tsy izany dia mba nahazo filoham-baomiera telo ny Tim. Ny andrasana izany izao dia ny fankatoavana ny Tim ho antoko mpanohitra ao amin'ity andrimpanjakana ity, ka hametrahana ny filohany ho filoha lefitra fahafito ao, raha sahy hiditra amin'izany ny fitondrana. Voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana izany, ka mbola hanitsakitsaka ny Lalàna indray ve izao fitondrana izao, na dia dradraina esty sy eroa aza fa tany tan-dalàna ity Firenena ity ?

***Andry Tsiavalona***

**TONTOLO POLITIKA**

## Mpanohitra atahorana ny TIM

Vao nanao fanambarana fa ho lasa antoko mpanohitra ny TIM dia efa nangovitra ny ao amin' ny fitondrana. Tsy noeritreretina mihitsy angamba ny fitsimbadihan' ny raharaham-pirenena, ka rava tampoka teo ny paik'ady politika maloto. Samy mahay koa eo amin'izay resaka izay fa indrindra ny antoko Tiako i Madagasikara, saingy tsy mba nanana saina ratsy na dia tsy mitovy hevitra aza. Mpifanandrina na mpifaninana no hevitry ny TIM fa ny hafa kosa dia maka fahavalo tsotra izao , izay no ao an-tsainy. Izao ilay fanaovan'ny TIM politika madio, tsy hanohitra be fahatany fa tsy maintsy mitsikera kosa rehefa mahita fa mibirioka tsy mandeha amin'ny laoniny ny raharaham-pirenena. Balizy na arofanina mba tsy hanjakan'ny gaboraraka no tena anisan'ny antony. Manana ny tanjany eo amin'ny firenena ity antoko naorin'ny filoha Marc Ravalomanana ity, ka io no atahoran'ny hafa. Ho avy indray ity ny fifidianana Kaominaly sy Rezionaly ary mitady hirika indray ry zatra mpanodina voka-pifidianana, handrombahana ny fahefana manakaiky ny vahoaka. Isan'ireny ny fanoloana tampotampoka lehiben'ny Fokontany any amin'ny faritra sasany. Manginy fotsiny ny fanomezana baiko hentitra ny sefo distrika sy ireo solontenam-panjakana, ka izay tsy mahavita ny "Mission" dia hitsingilaila ny toerany.

***Rajaonarimpanontsana***

Fiainam-pirenena

## Mitohy ihany ny fetifety

Tompon-daka isika Malagasy raha ny fanaovana lanonana sy fetifety ary fampisehoana no ambara. Io no tena angadin'ity fitondrana tarihan'i Andry Rajoelina ity. Hainy rahateo izy io amin'ny maha mpikarakara lanonana azy fony mbola tsy nitana toerana ambony teto amin'ny firenena ny tenany. Ny politika nampitondraina ny Vina IEM amin'io fotoana io tsy hita mazava fa teren-ko masaka toa voalobo-jaza ary izay rehetra atao dia lazaina fa IEM avokoa, na zavatra hita izao aza fa ny teo aloha no namolavola sy nanomboka ny fanaovana azy. Tsara ny fetifety isan-karazany fa mba misy tonga any ambilanin'ny vahoaka avokoa ve izany, izay fety mandalo ihany. Ny tena andrasan'ny Malagasy dia ny hialàny ao anaty fahantrany lalina. Mba hahita ny anjara manasoandrony na dia manangasanga kely fotsiny aza. Betsaka ireo olona no tsy mahita izay alehany satria diso fanantenana loatra amin'ity fihetsiky ny fitondrana ity. Variana amin'ny fanaovana lanonana. Raha sahy mandray andraikitra ny fanjakana dia tokony hatao mangarahara ny vola lany amin' izy ireny fa tsy atao fotsiny hoe volam-panjakana madiodio no laniana. Manan-jo ny hahafantatra ny marina ny vahoaka Malagasy satria volam-bahoaka no ampiasaina. Raha ny olontsotra no mandanilany volam-panjakana dia asa izay hanjo azy. Efa misy ireo naiditra amponja, ny hafa very asa sy ny maro tsy voatanisa.

***Rajaonarimpanontsana***

## NY TENY FIAINANA

***Marka 1:35***

*Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Dingana ho amin'ny fampihavanam-pirenena ny fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana



**Rija Thedy** : dingana ho amin'ny fampihavanam-pirenena eto amintsika ny fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert nataon'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny CUA. Mankasitraka neny ah!

**Narouvah Yasina** : izao vao LALANA ZAFY Albert ve?! Oviana izany vao mba hisy ny fanokanana LALANA RAJAONARIMAMPIANINA Hery,…

**Onisoa Brittany** : zava-dehibe ny fihavanana, misaotra ireo rehetra, mankasitraka izany ary misaotra ho an ireo rehetra nanatrika ny lanonana.

**Antoine Josoa** : tena TGVendrana ilay Andry Rajoelina, teny Androhibe ihany dia tsy tonga teny Ivandry nitokana ny lalana Pr Zafy Albert. Hita ho tena olona tsy mankasitraka fihavanana Rajoelina, asa izay hataony amin'ny fitokanana ny tsangambato Pr Zafy Albert amin'ny volana oktobra!

**Niaina Vololona** : mankasitraka tompoko, mankasitraka an'i Neny, mankasitraka ny CUA, mankasitraka ny fianakaviana, mankasitraka ny CRN, dingana amin'ny fampihavanam-pirenena tokoa iny fitoknana iny.

**Bernard Rasolonjatovo** : maromaroa ny tahak'izao.

**Lebon Lebonranaivo** : mino aho fa ravo ny fanahin'i Pdt ZAFY Albert any!

**Andriamaro Rambeloarisoa** : mendrika azy izao.

**Andrianoro Benjamin Ramilison** : tonga miaraka no fanombohana, miasa miaraka no fahombiazana.

**Elie Andriamanantsoa** : MANKASITRAKA NY BEN'NY TANANA SY NY CUA FA TENA NIASA MAFY ARY TENA T@ FITIAVANA IANAREO REHETRA!

**Mami Rani** : zan ny vevavy tena miasa manao ny andraikiny antsakany sy andavany, fa ts mba b lazao na b dehaka, ts natao ahagaga ra hotrinin'ireo ireo olo-manan-kaja tonga. Merci Neny mba halaivo taaka e!

## TONONKALO

### I Mahamasina no hitarina ?

I Mahamasina no hitarina hahazaka enina alina ?
Sao dia revin-gadra indray , fanaon' ny olona tsy malina ?
Telo alina aza , indrisy ! nisy maty sy naratra,
Sa ny mieboebo hatrany no hany tena mahazatra ?

I Mahamasina no hitarina hahazaka enina alina ?
Moa ve efa mba voasaina sy voalanjalanja lalina ,
Sa dia tena mihevi-tena ho mahay sy fanaperana ,
Ka manapatapa-poana sy mandidy tsy am-piheverana ?

Raha izay tany , ananantsika , mbola marobe tokoa,
Fa dia nahoana no nomena ireo karana sy sinoa ?
Isika Malagasy indray no mihafihafy ankehitriny ,
Fa ny tany sy ny harena , anjakan' ireo vahiny !

Fanitarana ? ilaina , saingy ataovy am-piheverana.
Sao tsy ny eny Mahamasina fa diniho izay tena toerana.
Aza ny manindry ny hafa no laharam-pahamehana,
Raha irinao ny ho mpitondra manana fahamendrehana !

***DADAN' I ZINA (25-07-19***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fivoriana maika nataon'ireo tompon'andraikitra amin'ireo tsena rehetra ao amin'ny Boriborintany faha-3, Antananarivo renivohitra.**









## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy tsaramaso indray no laoka amin'ny Sakafo amin'ny gazetinao androany. Azo atao ritra izany, azo atao ketsaketsa ihany koa. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny fisotroana divay mena

Ny soa azo avy amin'ny fisotroana divay mena indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

1) Mahalava andro iainana ny fisotroana azy. Voaporofon'ireo mpanao fikarohana fa mandrisika ny famokaran'ny vatana karazana proteina miady amin'ny fahanteran'ny sela ny fisotroana divay mena.

2) Manatsara fitadidiana. Manatsara ny fitadidiana ny fisotroana divay mena. Mandrisika ny faritra mpitadidy ao amin'ny ati-doha ity ranom-boaloboka mena voahodina ity ary manampy azy handrindra ny fihetseham-po miainga any amin'ny loha.

3)Manasitrana ny aretin'ny fo sy lalan-drà izy. Miasa any amin'ny lalan-drà sy ny fo ny divay mena. Raha milatsaka be ny tosi-dra dia vahaolana mamonjy eo no ho eo ny fisotroana divay mena kely. Misoroka ny fiatoan'ny fitempon'ny fo tampoka, na ny fahatapahan'ny lalan-drà tampoka ihany koa ny divay mena.

4) Manala ny mikraoban'ny ativava. Salama ny ati-vavan'ireo olona tia misotro divay mena matetika, hoy ireo mpikaroka.

5) Mandrindra ny kôlesterôly. Raha manana olana amin'ny tahan'ny kôlesterôly dia namana akaiky ny divay mena. Mampidina ny tahana menaka ratsy ao anaty vatana sady mandrindra ny kôlesterôly, amin'ny ankapobeny izy.

6) Manasitrana sery sy gripa. Voalazan'ireo mpikaroka fa mihena 40% ny taha mety hahavoan'ny gripa ny olona iray mahalany divay mena 14 vera ao anatin'ny herinandro ary voaaro koa izy na dia misy voan'ny gripa aza manodidina azy.

Marihana kosa fa lanjalanjaina tsar any fisotroana azy. Tsy maintsy ferana ny fisotroana azy mba hahasalama.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Manja any amin'ny faritra Menabe

Ny tanànan'i Manja any amin'ny faritra Menabe indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Manja. Tanàna tsy dia avo toerana i Manja satria 253 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, tsy amoron-dranomasina ity fa 75 km ny halavirany miala ny ranomasina. Amin'ny tapany atsimon'ny faritra Menabe no misy ity tanàna ity. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany, ny vary, vokatra any koa ny kabaro, izay anisan'ny vokatra fanondrana.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 138), Madagasikara 25 jolay 2019

***Romana 12: 2 "Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapoko JEHOVAH MPANJAKA, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina"***

IZAHO JEHOVAH MPANJAKA dia tehanao Fanambarana toy izao : io tontolo misy anareo olombelona io dia manana ny fombany izay tsy avy AMIKO fa avy amin'i losifera izay maninana AHY sy izay noforoniko. Izy no manimba ny tontolo izay noforoniko ho an'ny zanak'olombelona, manova izay napetrako ary misarika ny olona ho azy sy hanaraka azy indrindra moa fa ny tsy manana an'i JESOSY izay nambarako taminareo. Hianareo dia voafitaka sy mora miala amin'ny fahamarinana ary miovaova. Izany indrindra no nitsongaiko io toko sy andininy io satria tiako hianareo hamantatra ny sitrapoko JEHOVAH. IZAHO JEHOVAH dia nanao FANEKENA tamin'ny TENAKO fa manao ny zava-drehetra AHO rehefa hitako fa mitady ho resy ny zanak'olombelona. Indro amin'ny alalan'ny FANAHY MASINA ny fanavaozana mba hamerenana ny fiainanareo indray izay feno fahapotehana sy faharavana amin'ny endriny maro, ***Titosy 3: 4-5*** *"Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahiko JEHOVAH, Mpamonjy anareo, sy ny fitiavako ny olona,dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataonareo, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeko anareo, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina"*. Nanomboka teo amin'ny andron'i JESOSY dia nohavaoziko JEHOVAH ny atao hoe : FISORONANA ary aoka izay avy AMIKO ihany mba tsy hisy fanamboarana avy aminareo, tsy hisy fitaka na fombafomba hafahafa izay hitako aminareo ankehitriny. FISORONANA = fanandratana AHY JEHOVAH amin'ny MAHA-IZY AHY, fankalazana sy fanomezam-boninahitra nohon'ny maha-MPANJAKA AHY aty an-danitra misy ny FIANDRIANAKO. FISORONANA = VAVAKA asandratra arak'ireo voalaza etsy ambony, atao ambany masoandro ambonin'ny tany misy ny olombelona. Tamin'ny andro taloha dia FISORONANA no filaza azy, VAVAKA ihany io. Ka na iza mivavaka na manao FISORONANA dia miantefa aty AMIKO izany ary fantatro tsara, ary aza hadino fa IZAHO dia FANAHY, ***Jaona 4: 24*** *"IZAHO JEHOVAH dia Fanahy; ary izay mivavaka AMIKO tsy maintsy mivavaka amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana."*. Tsy misy SORONA tokony hatao intsony fa JESOSY no efa SORONA nalatsaka RA ho FAMONJENA sy FANAVOTANA anareo. Noho izany! Antoka iray hananana ny tena fiainana miaraka AMIKO ny fahalalanareo hoe : **noho izay SORONA vitan'i JESOSY izay dia amin'ny alalany no mahatonga ny VAVAKA eto anatrehako sy hitako**, ***Romana 5: 1-2*** *"Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana hianareo, dia aoka hianareo hanana fihavanana AMIKO JEHOVAH amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpanjakanareo. Tamin'ny alalany koa no efa nahazoanareo fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoeranareo izao, ka dia aoka hianareo hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitro JEHOVAH."* Nohon'ny amin'io SORONA vitan'i JESOSY io dia fantatro ianao. Raha te-ho tafaorina hianareo, te-hahalala ny AMIKO, mivavaha amin'ny alalany fa izy irery ihany no nomena izany FAHEFANA izany sy ALALANA izany. ***I Petera 1: 21*** *"Izay mino AHY JEHOVAH amin'ny alalany, dia Ilay nanangana Azy tamin'ny maty ka nanome voninahitra Azy,- mba hiorenan'ny finoanareo sy ny fanantenanareo AMIKO JEHOVAH."*Tamin'ny fotoana teo aloha dia mbola nanao fisoronana isan-karazany fa ankehitriny kosa dia JESOSY no miantoka ny FANEKENA. ***Hebreo 7: 22*** *"dia tahaka izany koa no nanaovana an'i Jesosy ho Mpiantoka ny fanekena tsara lavitra."*. **Ny antoka vitany dia mahavonjy tokoa satria entiny eo AMIKO ianao ka dia raisiko JEHOVAH rehefa mahalala AZY sy matahotra AHY**, ***Hebreo 7: 24-25***. Teho velona mandrakizay va hianareo? Hoy ny Teniko, ***I Jaona : 9- 11***. Sarotra ny hahavita dingana iray raha mbola misy fisaraham-bazana eo aminareo. Ny antony nandefasana an'i JESOSY teo aminareo voalohany indrindra dia fampiraisana sy fifankatiavana, izay ilay didy voalohany sy vaovao. Toy izao ny zavanisy teo amin'ny zanak'Israely : tsy nety nitovy saina sy fomba na dia efa nanehoako zavatra betsaka aza teo amin'izy ireo. Kanefa rehefa niara-nanandra-peo sy nivavaka izy ireo ka nitovy ny hataka nataon'izy ireo tao Egypta dia reko izany, hitako izany fahoriana niaretan'izy ireo izany ary dia nampiasa an'i Mosesy AHO ho hanehoako ny zanak'Israely tao Egypta, ***Eksodosy 3: 7- 10***. Amin'izany dia tsy maintsy miaraka amin'ny "fombàko", ***Eksodosy 3: 11***. Rehefa nanaiky an'i Mosesy ny Zanak'Israely dia tafavoaka izy ireo ka nasehoko ny HERIKO, ny VONINAHITRO ary ny FANAPAHAKO. Rehefa tao anaty horohoro mafy sy ny tahotra ny zanak'Israely, ketraka satria nanenjika ny Egyptiana : moa tsy misy fasana ve aty Egypta e? avelao izahay hanompo aty ihany e! ho faty ety an'efitra izahay e! hoy i Mosesy, ***Eksodosy 14: 14***. Nisokatra ny Ranomasina Mena rehefa nino sy nanaiky AHY ny zanak'Israely : rehefa tafita ny zanak'Israely dia nihira izy ireo nidera AHY JEHOVAH. Toy izao ny hira nataony : JEHOVAH ny Herinay fa namonjy anay IZY. IZY dia Mpiady Mahery. JEHOVAH no Anarany, JEHOVAH MPANJAKA mandrakizay doria. ***Vakio Eksodosy 15: 1- 16***. Ny zava-nisy? Nimonomonona ny zanak'Israely, tsy natoky, tsy nino izay nitondrako azy fa IZAHO kosa nanamafy ny FANEKENA sy nanome ny didy sy fitsipika mba harahina sy hotandremana. ***Vakio Eksodosy 21, 22, 23***. Inona anefa no nataon'ny zanak'Israely? Nanompo sampy izy ireo, nanangana mpamonjy ho azy volamena sy volafotsy, ***Deoteronomia 29: 15-16***. Nivoana tanteraka, nisara-bazana, nifanondrotondro, tsy nety nitovy hevitra. Tokony ho fantatr'izy ireo tsara anefa ny fitondrako azy nandritra ny 40 taona. Ny dikan'ny 40 taona tany an'efitra izany dia famerenana amin'ny laoniny, fanavaozana, fanefena sy fanamboarana mba hitandremany ny lalàna izay nomeko azy, ***Deoteronomia 29: 4.*** Raha te- hambinina mantsy dia tsy maintsy mitandrina, ***Deoteronomia 29: 8***. Moa tsy miverina eo amin'ny tany misy ny olona indray va ny zava-nisy teo aloha? Toky no omeko fa tonga AHO mihoatra noho izay efa nisy tany aloha, teny an-dalana teny dia nisy ny nandà AHY JEHOVAH.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)**

## Zazalahikely miisa 35 vita hasoavana maimaimpoana faobe

Nanantanteraka hasoavana faobe maimaimpoana ny boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly maraina, izay notontosaina tetsy amin'ny birao Antaninandro « salle de mariage ». Tonga nanokatra ny hetsika teny antoerana ny delegen'ny boriboritany fahatelo Hery Razafintsalama, ny kolonely John Andrianaivo avy amin'ny GRC, mpitantana ny loza voajanaharin'ny CUA ary ireo mpiara-miasa aminy. Ankizilahikely miisa 35 no nahazo tombony tamin'izany , ka 2 taona hatramin'ny 4 taona izy ireo, vita didimpoitra tamin'ny fandidiana antsoina hoe « semi-américain ». Marihana fa tafiditra ao anatin'ny vinan' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izao hetsika ara-tsosialy izao, izay fijerena manokana ireo mponina sahirana ara-pivelomana eto andrenivohitra. Ny kaominina Antananarivo Renivohitra no nandray antanana manontolo izao hetsika didimpoitra izao izao . Tonga nanatanteraka ny hetsika teny antoerana ny DSH na ny BMH, izay nanantanteraka ny fandidiana an'ireo zaza rehetra, ka mpitsabo miisa 3 no nanatanteraka izany. Teo ihany koa ny boriboritany fahatelo izay nahandro naha-masaka ny hetsika ary nikarakara. Marihana fa tsy maintsy vita fizahana ara-pahasalamana mialoha ny zaza ,vao afaka manao izao didimpoatra izao . Nisy ny fizarana malabary, vatomamy, kilalao ary balônina maimaimpoana ho an'ireo zaza vita fora. Ny anton'izao hetsika izao hoy ny delegen'ny boriboritany fahatelo dia mba ho fitsijovana ireo olona sahirana ary indrindra indrindra ny avy eny amin'ny faritra iva. Mbola hitohy izao hetsika izao fa tsy mifarana hatreo.


*Ireo ray aman-dreny sy ireo zanany natao didimpoitra tetsy Antaninandro.*

***Stefa***

## Nanao fandaminana asa maika tamin'ireo mpiasa amin'ny tsena rehetra, hialana amin'ny gaboraraka

Nampiantso fivoriana maika ho an'ireo «Agent d'Assainissement» rehetra manerana ny tsenan'ny boriboritany fahatelo kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny Delegen'ny boriboritany fahatelo Hery Razafintsalama afak' omaly ; izay notontosaina tetsy amin'ny birao Antaninandro «salle de mariage». Ny votoaton' ny fivoriana dia mahakasika ny fandaminana ny asa anatiny. Araka izany dia nisy ny fandaminana teo amin'ny asa, rehefa misy ny fampiantsoana tampoka na vonjimaka. Eo koa ny fanamafisana ny andraikitry ny tsirairay isaky ny secteur misy azy avy ary ny fangalana ny mombamomba azy ireo. Marihana fa efa nisy ihany koa ny fampiofanana izay nampanaovin'ny CUA an'ireo "Agent d'Assainissement" ireo, momba ny fametrahana pavé na rarivato, mba ho fahalalana ho azy ireo ankoatra ny asa andavanandrony. Ny anton'izao fivoriana izao ihany koa dia mba hialana amin'ny gaboraraka eny an- tsena sy ny fisian'ireo mpivarotra tsy manara- dalàna ary mba handray ny andraikiny araka ny tokony ho izy ireto mpiasan'ny kaominina ireto.


*Ireo nitarika ny fivoriana tetsy amin'ny Boriboritany faha-3.*

***Aly***

**Baolina kitra**

## Lasa niverina namonjy ny ekipany any Frantsa i Bôlida

Vita ny fialan-tsasatra ho an'i Bôlida mpilalao baolina kitra ao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy, Barean'i Madagasikara, rehefa avy niaro ny voninahi-pirenena tamin'ny dingan'ny famaranan'ny CAN 2019 farany teo, tany Egypta. Namonjy ny ekipany any Frantsa i Bôlida, na i Lalaina Nomenjanahary. Niala antanindrazana afak'omaly alina nihazo an'i Frantsa izy sy ny vady aman-janany. Mpilalao irakiraka ao amin'ny Barean'i Madagasikara, nandray anjara tamin'ny CAN tany Egypta farany teo i Bôlida. Milalao ao amin'ny Paris FC izy, ary vao avy nanavao ny fifanarahany amin'io klioba io, nohalavaina hatramin'ny taona 2021.


*Bôlida sy ny vady aman-janany.*

***Lita***

ANJANAHARY

## Miseho lany ny halatra fiara mipetraka amoron-dalana

Miseho lany ny halatra fiara amoron-dalana eny amin'ny fokontanin'Anjanahary iny amin'izao fotoana. Fiara 1 nihantsona amoron-dalana teny Anjanahary no nokasain'ny tovolahy 1 hovakiana tamina fanalahidy namboarina manokana. Tsy lavitra teo anefa ny tompony nahita ny fihetsik'ilay tovolahy saika hanokatra ny varavaran'ny fiarany, ka niantso vonjy tamin'ny manodidina. Nosamborina avy hatrany ity lehilahy ity ary natao fanadihadiana teny amin'ny Polisin'ny Boriborintany fahatelo. Tao anatin'ny famotorana no nanoroany ireo namany miisa 02, izay mpanamboatra ilay fanalahidy entiny manao ny asa ratsiny ary nosamborina teny Ambohitrarahaba koa ireto farany. Ankoatra izany, lehilahy 1 ihany koa no nosamborin'ny Polisy tetsy Andravoahangy noho ny resaka fivadiham-pitokisana. Fifampivarotana moto tamina olona fantatr'ity lehilahy ity no antony nisamborana azy. Nilaza ilay lehilahy fa hovidiany ilay moto ary omeny tsikelikely ny vola. Nifanaiky ny mpividy sy ny mpivarotra, ka nanome vola 300.000 ar ilay lehilahy ary nentiny ny moto. Taorian'izay anefa dia tsy nandoa vola intsony izy , ary tsy azo antso tamin'ny finday sady nanjavona tsy hita intsony izay misy azy. Nametraka fitoriana ilay tompona moto, ka natao ny fanadihadiana ary voasambotra teny Andravoahangy ilay lehilahy. Ilay moto kosa namidiny efa ela ary tsy hita intsony.



***Ny Valosoa***

Sekoly ambony katolika ESSVA

## Namoaka mpianatra 192 mianadahy

Namoaka ny andiany « Miray » ny Ecole Supérieure Spécialisée du Vakinankaratra na Essva. Mpianatra miisa 192 no notolorana ny mari-pahaizana Licence teto rehefa nahavita fianarana nandritra ny 3 taona. Lalam-piofanana vitsivitsy no narahin'izy ireo, dia ny Communication et Journalisme, ny Ecotourisme, ny Electromécanique, ny Gestion et Management, ny Hôtellerie et Restauration ary ny Science et Technique de l'Education. Fiombonambavaka ho firaisana ao anatin'ny Eokaristia no nanombohana ny fotoana izay notarihin'i Son Excellence Monseigneur Philippe Ranaivomanana narahin'ny fanolorana ny mari-pahaizana ho azy 192 mianadahy, ary ny fifamindrana faneva na fanion teo amin'ireo mpianatra zokiny sy ireo handimby azy ireo. Sekoly isan'ny reharehan'i Vakinankaratra ny Essva, izay mamoaka mpianatra matihanina, tsy menamitaha ary afaka mifaninana tsara amin'ireo fahaiza-manaon'ireo mpianatra mivoaka eto Madagasikara. Voasokajy ho isan'ny Sekoly Ambony 10 tsara indrindra eto Madagasikara izy ary tao anatin'ny 19 taona nisiany dia mpianatra maherin'ny 2000 no efa navoakan'ity Sekoly ity hatramin'izao. Nanotrona izao fotoana izao ireo olo-manankaja maro avy eto Vakinankaratra, isan'izany ny DRENETP Vakinankaratra sy ireo maro hafa.

***Lezama***

Ben'ny tanànan'Ivato

## Ho taterina maimaimpoana ireo mpanala bakalorea ara-panatanjahantena


Manampy ny mpiadina ara-panatanjahantena Bakalorea eny Ivato, ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa. Nanolotra fiara maimaimpoana mba hitondrana ireo tanora hanao ny fanadinana ho eny Ambohidratrimo, ny kaominina. Tsy mandoa saran-dalana na ny ariary aza ireo mpiadina ireo. "Adidy sy andraikitry ny mpitantana ny kaominina ny manohana ireo tanora mpanala fanadinana mba tsy hampikorontana azy ireo eo am-panomanana izany adina bakalorea ara-panatanjahantena izany, sady ho fanampiana ny ray aman-drenin'ny mpianatra rahateo ihany koa izao ", hoy ny Ben'ny tanàna, Penjy Randrianarisoa. "Tanoran'Ivato toy ny zanako ireo ka iaraha-mikolo sy mitaiza. Raha mbola fanabeazana ny tanora mba hananany fahaizana amampahalalana sy haha olom-banona azy ireo dia tsy hikely soroka aho", hoy ihany i Penjy Randrianarisoa. Noraisin'ny kaominin'Ivato antanana koa ny fandaniana amin'ny pitsopitsony momba ny fanomanana ny kianja hanalana fanadinana ara-panjakana. Amin'ny 11h 30 dia efa hihàtrana ireo fiara ireo hitondra ny mpanala fanadinana, ny alatsinainy, 29 Jolay 2019, ho eny Ambohidratrimo.



*Ny ben'ny tanànan'Ivato.*

***Isambilo***

**SARIITATRA : Tsy misy programa ny fitondrana Rajoelina fa nofinofy no betsaka**




Tranga mampihorin-koditra

## Zazavavikely 6 taona nisy naka an-keriny

Tranga mampihorin-koditra sy mampivarahontsana no misy eto amintsika amin'izao fotoana izao amin'ny resaka tsy fandriampahelamana. Nisy ny kidnapping na fakana an-keriny: zazavavy kely i Aina, 6 taona, no nisy naka an-keriny izao ary tsy mbola hita hatreto. Zazavavy kely, 6 taona, fantatra amin'ny anarana hoe: Radoharintsoa Sombiniaina Risnah na i Aina no nisy naka an-keriny tao an-tranony, tany amin'ny Kaominina Ambodirano, distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro, afak'omaly alakamisy tamin'ny 8ora alina. Tsy mbola hita io zaza io hatramin'izao. Zarazara hoditra, bory volo izy. Manao «grenouillère » manga, misy mena ny lohatanany. Efa eo ampelatanan'ny manampahefana sy ny mpitandro filaminana ny raharaha. Iangaviana hampilaza ny manampahefana akaiky azy indrindra raha misy manana vaovao mahakasika ity raharaha mampihorin-koditra tanteraka ity.

***Ny Valosoa***



*Ilay zazavavy kely nisy naka an-keriny.*

Epp Garbit Antsirabe

## Niova ho Epp Avenue de l'independance ankehitriny

Niova anarana hoe "EPP Avenue de l'Indépendance" ny EPP etsy afovoan-tanànan'Antsirabe manakaiky ny Paositra Malagasy, fa tsy EPP Garbit intsony toy ny fiantson'ny olona azy hatrizay. Nanomboka ny taona 1919 no nitsangana ity sekoly ity, ny Général Hubert Garbit no nanorina azy tamin'izany fotoana izany, ary Ecole Européenne Garbit no anarany, mbola 7 no isan'ny mpianatra ary vahiny avokoa. Nanomboka ny taona 1960, fotoana nahazoana ny fahaleovantena dia niova anarana hoe "EPP l'Avenue de l'Indépendance" ary io no tokony hiantsoana azy mandrak'androany. Nanomboka ny taona 1965 no noraisin'ny Malagasy ny fitantanana ary efa tale 8 no nifandimby teto hatramin'izao. Ramatoa Andriamihanta Tiahehy Ophélia no mpitantana ny sekoly ankehitriny. Tonga ny 100 taonan'ny sekoly ary hiroso amin'ny fikarakarana izy ireo no sady manao antso avo ho an'ireo izay nandray soa teto amin'ity sekoly ity. Efa tena antitra dia antitra ny fotodrafitrasa, fanavaozana madinika no mba azon'ny sekoly hatramin'izay, misy amin'ireo efitrano ary no efa antitra, nianjera ny valin-drihana ka tsy afaka ampiasaina intsony sao dia mitera-doza. 11 ny efitrano fianarana eto fa 9 ihany no azo ampiasaina. Ireo fotodrafitrasa ho an'ny fidiovana sy ny fanadiovana dia tsy zarizary satria efa 100 taona nampiasaina, ny rano fisotro madio indray dia rano an-davaka no miasa eto, tolotra avy amin'ny malala-tanana. Ny fanavaozana ireo rehetra ireo no tanjona apetraka amin'izao faha-100 taona izao, eo ihany koa ny fanitarana ny efitrano fianarana hoy hatrany ny talen-sekoly. 698 no mpianatra manovo fianarana eto ankehitriny: Préscolaire sy Primaire. 16 no mpanabe ary 03 kosa no mpandraharaha ao antsekoly. Toy ny sekolim-panjakana hafa dia mifandimby mianatra maraina sy hariva ny mpianatra.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**20/07/19 hatramin'ny 27/07/19**

- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 935-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANDRO ERAN-TANIN'NY ALA HONKO

# Ny drakaka fotsiny dia mety hahazoana 4 tapitrisa dolara isan-taona

Toy ireo firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao, nankalaza ny andro eran-tany ho amin'ny fiarovana ny ala honko isika teto Madagasikara omaly 26 jolay. Zava-dehibe tokoa ny fanana ny ala honko na mangroves satria amin'izy ireny no fanatodizan'ny makamba, fitomboan'ny drakaka. Tamin'ny taon-dasa, nanana velarana ala honko 236 400 ha i Madagasikara, raha ny drakaka tokony hitombo amin'izany velarana izany dia mety hahazoana vola mitentina hatrany amin'ny 4 tapitrisa dolara amerikana isan-taona. Ny 1 km2 amin'ny ala honko dia mety hahazoana vokatra drakaka hatramin' ny 2,5 t. Raha io velarantany ananantsika misy ala honko io dia izany no lehibe indrindra aty amin' ny faritra andrefan'ny Ranomasimbe Indiana. Ny faritra andrefan'ny Nosy no tena be ala honko, noho izany tany amin'izany faritra izany no nanamarihana ny andro eran-tany omaly sy tamin'ity herinandro ity. Tany Toliara, efa nanomboka ny 23 jolay lasa teo ny fanamarihana. Tany Betania Morondava sy tany Masoarivo Maintirano, nisy ny fambolena ala honko omaly. Omaly sy anio, 100 ha no ambolena ala honko any Antsohibondrona sy Ambilobe. Ny 29 jolay kosa, zanaka ala honko 1 tapitrisa no ho volena.

***Aly***

Vohibola Brickaville

# Sahona kely indrindra maneran-tany ary tsy misy hafa-tsy any

Isehona zavatra maro mahavariana sy tsy ampoizina ireo ala misy eto amintsika, zavadehibe arak'izany ny tokony hiarovana azy ireny. Fantatra izao fa ny sahona bitika indrindra maneran-tany, fantatra amin'ny anarana ara-tsiansa hoe Stumpffia vohibolensis dia hita ao amin'ny alan'i Vohibola, Ambinaninony, distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana, Madagasikara, ary any ihany no ahitana azy. Vakoka voajanahary izany. Mandany vola aman-karena sy fotoana avy any amin'ny an'aliny kilometatra any ny vahiny mba hijery azy ao amin'io fonenana nametrahan'Ilay Mpahary azy io. Ny Malagasy sasany izay maty eritreritra kosa dia misikim-ponitra mandripaka ny ala fonenan'izany biby tsy hita hafa-tsy eto amintsika izany. Soa ihany fa teo ny fikambanana Razan'i Vohibola miaro azy, ka omena fankasitrahana manokana ireo mpikambana ao noho ny fahafoizantenan'izy ireo.

***Aly***

Parking Anosibe

# Mamporisika ny olona hikomy ny fitondrana Rajoelina


Ankatoky ny fifidianana Ben'ny Tanàna indray ny firenena ankehitriny dia korontanin'ny fitondrana Antananarivo Renivohitra. Mihevitra ny ao ambony ao, dia ny fitondran-dRajoelina mpanongam-panjakana tsy tia fandrosoana izany, fa ny fanaovana amboletra sy fanaratsiana ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana sy ny filoha Marc Ravalomanana, no tetika handrombahana ny toeran'ny Ben'ny Tanàna, ka anirahan'izy ireo «Gros Bras » mamotika ireo fotodrafitr'asan'ny Kaominina, tahaka ny nitranga teny amin'ny Parking Anosibe. Tsy tahotra tsy henatra fa dia ravan'ny mpomba ny fitondrana tsotra izao ireo fotodrafitr'asa napetraky ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Itondrana « Megaphone » iantsoana olona mba hikomy. Ny avy ao amin'ny fitondrana no manome ohatra ratsy eto amin'ny firenena, ka tsy atao mahagaga raha hatramin'ny tobin'ny mpitandro filaminana any amin'ny faritra aza dia tafihan'ny olona amin'ny alalan'ny fitsaram-bahoaka. Loza , Loza tsy roa aman-tany no mitranga eto Madagasikara. Isan'ny barofo nataon'ity fitondrana ity ihany koa ny fakana an-keriny tanin'olona, toy ny tetsy Andohatapenaka. Izay ihany koa no mitranga amin'ity tetik'asan'ny filoham-pirenena « Tanamasoandro » ity. Alaina tsotra izao ny tanin'olona ary efa maro ireo mponina no mitaraina saingy eo am-pelatanan'ny mpanakorontana sy mpanongam-panjakana moa ny fitondrana, koa inona no azo atao ! Mahakasika ity fandravana sy fanaovana barofo ity, dia tokony ho fantatry ny fitondrana , fa na fanjakana aza dia eo ambanin'ny lalàna avokoa ka tsy maintsy manaraka ny pitsopitson'ny rafitra vao afaka maka tanin'olona, na fotodrafitr'asa iombonan'ny mponina. Tany tandalàna , izany no ambetin-dresaka kanefa ny mifanohitra amin'izay no iainan'ny vahoaka.

***Rajaonarimpanontsana***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 287**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0286)

***Mitsivalana***
- Ranomaso
- Enti-milaza (EM) – Rà – IV
- Hetaheta
- Enina
- Ta – Havia (Miv)
- Nono
- Andronay

***Mitsangana***
- Rehetra
- Amena
- Ti – Md
- Orana
- Mahaino
- Von(y)
- Sitrana
- Ova – Hoy

## TENY MIFANAPAKA N° 287




**Mitsivalana**

**1.** Kasika – Mpitantana orinasa **2.** Sary tapaka – Kere **3.** Ao amin'ny hery – Faran-teny **4.** Notsipihiny **5.** Akaikinao **6.** Eny – Mbla tsy marina (Miv) – Tsofoka (Miv) **7.** Mibaboka (Miv) **8.** Marihina **9.** Mahantra – Fanitarana **10.** Navahanao

**Mitsangana**

**A.** Alaina eny an-dàlana **B.** Foto-tenin'ny manarona – Lalampirenena **D.** Mari-bola – Antsasaky ny fito – Mandà **E.** Vazo **F.** Fiantsoana anareo **G.** Fanontaniana **H.** Fiandohan'ny taona – Ahiahy **I.** Fanentanana – Mpampiankina **J.** Naoty – Manao sahisahy **K.** Milalao rano

### Valiny Teny mifanaraka 0286

***Mitsivalana***

1 Fofy - Imamo 2. Anarana 3. Rano - Ony 4. Anaty - Enga 5. Kary - Niova (Miv) 6. Vava (Miv) - Ratra 7. In - Vy 8. Aloka - (V)oina 9. Sy - Natoaka (Miv) 10. Mainty

***Mitsangana***

A. Folaka - Asa B. Navily D. Fararano E. Vitany (Miv) - Koa F. Any - Vaky G. Ory (Miv) - (F)ary - On H. Ma - Eva - Tao (Miv) I. Tonona (Miv) - Ity J. Mangirana K. Anay (Miv) - Any

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Mitsidika ny any Allemagne indray ny Filoha Ravalomanana rehefa avy any Belgique.






Ny didimpoitra maimaimpoana faobe tao amin'ny Boriborintany faha-3, CUA.











